
# Safidy ho an'ny mandrakizay, Tapany 2



Faharoa: Fantaro ny fahamarinana momba ny zavatra natolotry ny Ray any An-danitra sy i Jesoa Kristy Zanany ho anao.

Raha fintinina dia nanolotra anao ny zava-drehetra Izy Ireo!

Ny drafitry ny Ray any An-danitra ho an'ny zanany dia manome fahafahana antsika hiaina any amin'ny toerana iainany sy hiaina ny fomba iainany ary amin'ny farany dia ho tonga kokoa hatrany tahaka Azy. Ny drafiny dia manao izay ahafahantsika mahazo ara-bakiteny ireo fitahiana sarobidy indrindran'ny mandrakizay rehetra, anisan'izany ny fahafahantsika ho tonga "mpiray lova amin'i Kristy" [Romana 8:17].

Mahafantatra sy mahita ny zava-drehetra Andriamanitra. Any amin'ny mandrakizay rehetra dia tsy hisy olona hahafantatra anao na hiraharaha anao mihoatra noho Izy. Tsy hisy olona na oviana na oviana ho akaiky kokoa anao mihoatra noho Izy. Afaka mamboraka ny ao am-ponao Aminy ianao ary matoky Azy fa Izy dia handefa ny Fanahy Masina sy ny anjely hikarakara anao. Naneho ny fitiavany faratampony Izy rehefa naniraka ny Zanany Lahitokana ho faty ho anao, mba ho Mpamonjy anao sy Mpanavotra anao!

Tamin'ny alalan'ny Sorompanavotany, i Jesoa Kristy Tompo dia nandresy an'izao tontolo izao [jereo ny Jaona 16:33; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 50:41]. Noho izany, Izy dia "mahery ka . . . mampahadio [anareo] amin'ny tsy fahamarinana rehetra" [Almà 7:14]. Hanafaka anareo amin'ny toe-javatra mampahory anareo indrindra Izy amin'ny fombany sy amin'ny fotoanany manokana. Rehefa manatona Azy amim-pinoana ianao dia hitarika sy hitsimbina ary hiaro anao Izy. Hanasitrana ny fonao torotoro Izy ary hampionona anao amin'ny fahorianao [jereo ny Lioka 4:18; Almà 7:10–12]. Hanome anao fahafahana hahazo ny heriny Izy. Ary hataony ho azo tanterahina ny tsy azo tanterahina eo amin'ny fiainanao. . . .

Manana fitiavana manokana ho an'ny olona tsirairay izay manao fanekempihavanana Aminy ao amin'ny ranon'ny batisa Andriamanitra. Ary hiorim-paka izany fitiavana masina izany rehefa misy fanekempihavanana fanampiny atao sy tandremana amim-pahatokiana. Ary amin'ny fiafaran'ny fiainana an-tany dia sarobidy ny fihaonan'ny zanaky ny fanekempihavanana tsirairay amin'ny Raintsika any An-danitra. [jereo ny Salamo 116:15].

Izy ihany koa dia miahy *lalina* ny fanomezana fahafahana ny zanany rehetra mba handre ny vaovao mahafaly momba ny filazantsara naverina tamin'ny laoniny. Efa maherin'ny enina arivo taona no nandefasan'ny Ray any An-danitra ireo zanany ety an-tany. Ny ankamaroan'ireo olona ireo dia mbola tsy nandray ireo ôrdônansy izay hahamendrika azy ireo ho amin'ny fiainana mandrakizay. Izany no maha-zava-dehibe ny tempoly. Izany no mahatonga ny fanangonana an'i Isiraely eo amin'ny lafiy roan'ny voaly ho *ny* asa lehibe indrindra eto an-tany ankehitriny. Ianareo, ry mpiara-miasa amiko malala amin'ity asa masina ity, dia manana anjara toerana lehibe amin'izany fanangonana izany, ary misaotra anareo aho noho izany. (Russell M. Nelson, "Safidy ho an'ny mandrakizay" [fampaherezam-panahy maneran-tany ho an'ny tanora tokan-tena sy mpivady vao herotrerony, 15 mey 2022], broadcasts.ChurchofJesusChrist.org)

NY FIANGONAN' I
JESOA KRISTY
HO AN' NY OLOMASIN' NY
ANDRO FARANY

© 2024 by Intellectual Reserve, Inc. All rights reserved. PD80007812_654_544_handout-2